BEN'NY TANÀNA VAZAHA BE

# Lasa kitoatoa ny fitondràna ny tanàna

Vaky vava ny mponina eto Antananarivo renivohitra na ireo mandalo eto amin'ny renivohitry Madagasikara fa lasa ataon'ny ben'ny tanàna, Vazahabe, Naina Andriatsitohaina, kitoatoa sy kilalao ny fitondràny ny tanàna ankehitriny. Tena tsy nitombina ilay nolazaina fa mitovy firehana ny mpitondra foibe sy ny mpitantana ny kaominina dia hamiratra Antananarivo araka ny nambara tamin'ny fampielezan-kevitra . Ny mifanohitra aza no hita ankehitriny. Nambara tamin'izany hoe " atero aty amin'ny ben'ny tanàna ny fakonareo raha tsy voaraokako " . Aiza amin'izao ? fako be misavovona eran'ny tanàna manerana ny renivohitr'i Madagasikara tsy anavahana. Mila ho tsentsina ny arabe tsy misy andehanan'ny fiara intsony . Ankehitriny , andro vitsy tsy ahatongavan'ny lalaon'ny Nosy eto Madagasikara mbola mikorontana tanteraka Antananarivo Renivohitra handraisana an'izany . Ny ben'ny tanàna moa ao amin'ny tambazotran-tserasera dia manadroadro sy mivazivazy sisa no atao . Omeo 10 andro hono izy hanesorany ny fako be . Tena mpitondra ny tanàna ve izany ? Asa andavan' andro io fa tsy tokony izany no atao. Ny fantatra aloha hatramin'izay nipetrahan'i Naina Andriatsitohaina nitantana ny tanàna dia fahapotehana tanteraka no hita , karaman'ny mpiasa tsy voaloa izay mbola tsy nisy nandritra ny fotoana nitondran'ny ben'ny tanàna teo aloha Lalao Ravalomanana na tsy nahazo fanampiana tamin'ny fanjakana foibe aza Antananarivo Renivohitra tamin'izany . Vitany ny nanala ny fako na mbola ny SAMVA aza no nitantana ny fandraofana ny fako tamin'izany. Nitady hevitra Neny Lalao Ravalomanana nanampiana ny Samva tamin' izany. Hita mibaribary aloha fa ny fitondràna TGV mihintsy no tsy hita izay apoakany amin'ny fitantana ny firenena , latsaka anaty lavaka mangitsokitsoka ny firenena na inona ambarany. Ny lalana ihany koa, potika tanteraka ny faritra maro eto andrenivohitra, misy ny vita, misy ny nolavahana dia navela eo, misy ny potika tsy kitihana mihitsy hatramin'izao. Soa fa 30 andro sisa no hipetrahan'ny filoha mpitarika azy ireo, raha mbola hirotsaka hofidiana ihany.



*Ny fahapotehan'ny lalana etsy amin'ny Cenam 67 ha.*

***Helisoa***

Kaominina Antananarivo

# Tsy voadio intsony ny lakandrano mandalo eto an-drenivohitra

Maloto i Antananarivo ankehitriny, fa tsy mahavita ny andraikiny amin'ny asa fanadiovana intsony ny fiadidiana ny tanàna. Ankoatra ireo fako miavosa misavovona mahatsiravina, maloto ihany koa ireo lakandrano mandalo eto andrenivohitra. Efa maloto foana hatrany izy io, satria ivarinan'ireo rano maloto samihafa avy amin'isantokantrano manamorona eny, fa ny tiana hosoritana dia ireo fako sy indrindra ny tsikafonkafona mameno azy. Anisan'izany ny eny amin'ny lakandranon' Andriantany iny sy indrindra ny eny amin'ny lakandrano C3 mandalo an' Andavamam-ba iny. Saiky rakotra tsikafonkafona ny



ampaha- ny be aminy. Maneho tsy fahavitana amin' ny asa fanadiovana azy intsony ny zava-misy. Efa andro maro no tsy voadio intsony iny lakandrano iny izay manaporofo ankehitriny ny fahalotoan'Antananarivo. Tamin'ny andron'ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana anefa tsy toy izao miseho izao ireny lakandrano ireny fa nanaovana ezaka be sy manokana mihitsy, ary nisy aza ampahany nohalalinina nampiasana fitaovana be. Simba ny renivohitr'i Madagasikara, izao sisa no niafaràny. Hampiantrano vahiny aman-jatony sa efa ho amin'arivony akory aza isika tsy ho ela izao. Ho hatraiza ny ezaka manokana ataon'ny tomponandraikitra amin'ny asa fanadiovana ny tanàna mialoha izany, izay nambara fa efa natomboka? Tsy ho lasa lavitra akory satria vonjimaika, ary ny mponina ihany koa tsy voataiza intsony hikolokolo sy hiaina an'izany noho ny an-tsirambina nataon'ny tomponandraikitra hatramin'izay ihany sy ny tsy fanaovanalaharam-pahamehana izany. Variana amin' ny kajikajy politika dia izao no niafaran'ny tanàna.

***Sôh'son***

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Fositra tsy mampandroso ny firenena ny tsy fifampitokisana

Nanambara ny jeneraly misotro ronono iray, fa tokony haverina ary tsy maintsy averina ny fifampitokisana eo amin'ny miaramila sy ny vahoaka. Tsikaritra mantsy fa miha mitombo ny elanelana eo amin'ny roa tonta, ary tsy izy ihany fa hatramin'ny foloalindahy rehetra mihitsy io. Ny zava-misy hitan'ny vahoaka eo amin'ny fiainany andavanandro no nahatonga ny toe-tsainy hihataka amin'ireo, na dia ambara mandrakariva aza fa tandroka aron'ny vozona ireo ary miaro ny vahoaka sy ny fananany. Tsy matoky izay intsony ilay vahoaka nohon'ny zava-misy tranga manjo azy, indrindra eo amin'ny resaka tsy fandriampahalemana. Mipàka hatrany amin'ny seha-pitsarana izany toe-tsaina tsy matoky izany ontsony ankehitriny, hany ka mipoitra ary tsy mety hifarana ny fitsaram-bahoaka. Tsy ilay vahoaka akory no minia tsy tandalàna na koa irina ny ho tonga amin'izany, sanatria, fa ilay zava-misy hitan'ny masony mihitsy no mitarika azy hanana izany toetra na toe-tsaina izany. Rehefa mamàka ao amin'ny foto-pisainan'ny vahoaka ny tsy fitokisana tomponandraikitra eo amin'ny firenena, dia sarotra ny ialàn'izany ny haha voafafa azy ao anaty fotoana fohy ao antsainy amam-piheverany. Misy fiantraikany lehibe any amin'ny sehatry ny fampandrosoana ny firenena anefa izany toe-javatra izany. Tsy atao hahagaga velively raha toa ka izao ankehitriny ny toerana misy ny firenena sy ny vahoaka malagasy. Fositra iray lehibe mampihitsoka ny firenena ao anaty fahantrana ny tsy fifampitokisana eo amin'ny vahoaka sy ny mpitondra. Raha tsy voavaha io dia ho toy izao hatrany no hisy eto amin'ity firenena ity. Tsy hiara-dalana fa samy manana ny fiheverany sy ny fomba fiasany eo amin'ny lafiny fampandrosoana. Ho toy izany hatrany no hitranga na misy fanentanana aza, eny na hatao makotroka aza izany. Ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana dia namakafaka lalina ny momba izany ary nahita ny vahaolana matotra hialàna amin'izany. Vahaolana izay miainga amin'ireo Andry fototra sivy najorony. Hoan'ny olom-pirenena izay liana sy vonona hiara-hientana aminy amin'izany, ny fifandraisana 034 17 460 53.

***Aris***

## Taratasin'ny mpamaky

**Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety sy izay mety hiantefany izao manaraka izao :**

Fakafakao tsara fa mbola lavitra ny dia, mankasitraka sy mankatelina miaraka sy manohana raha tena ny fampandrosoana ny Firenena no tanjona - Miala i Rajoelina -Mahaleotena i Madagasikara tsy an'ny atsy na aroa, raha miala @ frantsay tsy hiaraka @ rosia na amerikana -Miova io lalam-panorenana io ary hatao ho tena tombontsoan'ny vahoaka -Hatao mazava tsara sy hapetraka tena hentitra ny lalam-pifidianana - Hapetraka ny fitondrana itsinjaram-pahefana, ny fokontany no vatofototry ny fampandrosoana, olomboafidy ny président, hatomboka any ny fifidianana - MAHALEOTENA ny fitsarana, ny HCC, ny CENI raha mbola hapetraka izany, FOANANA ireny fandaniambola tsy misy antony CFM ohatra - laïcité de l'État, - hasiana lalàna ireo secte mitsangana etsy sy eroa MPAMBOTRY vahoaka. Hanao fotodrafitr'asa hivelomany, fa tsy ny mpivavaka no tsihifina - Haverina daholo sy hamafisina ny fahasalamana ny fampianarana. Hatsaraina ny hôpital public, ny sekoly public ny Université public - Ny fambolena no himasoana voalohany indrindra mba HIVERENAN'NY tantsaha @ fambolena, homena fanampiana izy, soratana aminy ny tany hamboleny. Ny miaramila hanao ny grands travaux d'irrigation ohatra - Ny làlana tena ilaina rehefa betsaka ny vokatra, desenclave-na daholo ny toerana rehetra, ny làlana pavé no hatao ( efa niteny io aho 10 taona izay, mba nisy nangataka ihany) ny vato hananantsika, hasiana fifaninanana isaky ny commune. - ny fambolen-kazo hatao @ ireny jour férié hapetrapetraka ireny, eran'i Madagasikara no manao izany. Hasiana fifaninanana koa izany, mahazo loka ny 10 voalohany. Hilaina koa ny fanarahana io ary mijery ny hazo velona. Hamporisihina ny tsirairay hamboly hazo fihinamboa. Tokony hanao pépinière betsaka ny fanjakana @ fambolenkazo, hazo fihinamboa koa io. Haverina ny fanafarana ny masombolintsika ary harovana tsara, jerena ny zezika mety amintsika fa tsy midikizo @ zezika simika HAFARANA. Trandrahana i Sakoa mba hihena ny fanapahana ny hazo @ filantsika @ fandrahoana sakafo - ny trondro izay tena harenantsika tokoa, nefa ny sasany no mitavana azy. Ny Malagasy izao tsy mihinana izany crevette, crabe, thon izany, nefa izy no mamokatra izany. Hiverenana ny fifanarahana @ japoney na ireo thonier Frantsay, mba ny mpanjono Malagasy no hisitraka izany, tsy maintsy manana sambo koa isika ary hasiana toerana voatokana ho antsika. Mila mesures d'accompagnement io, ny chambre froide, ny transport @ camion frigorifique.... - Resaka herinatra aleo hiverina @ énergie hydraulique isika , fa tsy hamelona ny vahiny @ groupe sy ny solika, ny énergie solaire koa hatao -Resaka solika, trandrahana i Tsimiroro sy Bemolanga, ary isika no hitantana izany , afaka hatao mirary ny vidiny no manampy koa eo amin'ny filàna mahandro - ny harena ambanin'ny tany, tsy hisy volamena hivoaka intsony fa hanao réservé d'or, ao koa ireo vatosoa tokony eto an-toerana no amboarina ho ravaka izay vao hahondrana. Hiverenana ny fifanarahana t@ Ambatovy , QMM... - Ny DIASPORA tsy ho adino, ireo no tena hanampy ny fampandrosoana, hirotsaka an-tsehatra, hitondra traikefa, hifanampy. Tokony hasian'ny fitondrana toerana eo @ fampandrosoana ny Firenena. Hasiana ministère ny diaspora ohatra ary hasiana azy isaky ny ambasady. Ireo ny asa miandry antsika tsirairay. Avelao any i rosia, na amerika na frantsay.

***Dr Razafimahery***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Sarah R.**